IHOSY

# PÔLISY NANAMBANA BASY ZANDARY TAO ANATY BAR

4

MARINA IZANY !

7

## GOVERNEMANTA LANY DATY !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7749 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 19 desambra 2023


FEDERASION'NY TOLONA

8

## TAFAVERINA FILOHA RAVELOSON MAMITIANA



DEPIOTE FETRA RALAMBOZAFIMBOLOLONA

7

# HIVOAKA ANIO NY DIDIM-PITSARANA



(Tahirin-tsary)

TOETR'ANDRO

3

## HO BETSAKA NY ROTSAK'ORANA RAHAMPITSO

SAKAFO FETY

2

## TAFAKATRA 800 Ar NY ATODY

GOVERNEMANTA

7



# TOMBANANA NY TEO ALOHA, MARO NY TE HO MINISITRA

MPIZAHATANY ETO MADAGASIKARA

3

## NAHENA NY FIKIRA-KIRANA VOLA










Artista gasy ho any Frantsa

# Vitsy raha miohatra tamin'ny isan-taona ireo hiondrana any ampita

*Asa raha nisy akony tamin'ireo mpikarakara lanonana any Frantsa ny fanehoan-kevitr'ireo mpanohitra hanao fahirano ireo mpanakanto nanohana ny fitondrana.*



**Big Mj no hany artista nanohana ny fitondrana niondrana any Frantsa.**

Rehefa faran'ny taona toa izao. Maro ireo artista gasy mandeha miondrana manafana ny fety any ampitandranomasina. Somary niavaka anefa ny tamin'ity raha miohatra amin'ny zava-misy hatramin'izay. Satria raha ny zava-misy, vitsy ireo mpikarakara lanonana nanafatra mpanakanto tamin'ity, raha ny fanentanana hita amin'ny tambajotran-tserasera fesiboky. Ny ao Frantsa sy ny manodidina iny mantsy no lohalaharana amin'ny fanafarana mpanakanto hanafana ny fetin'ny faran'ny taona toa izao. Etsy ankilany, mandrangaranga mantsy ireo malagasy mpanohitra ny fitondrana ankehitriny any an-toerana fa hanao fahirano ireo artista nanao propangadin'ny filoha Rajoelina izay tonga any izy ireo.

Araka izany, misy akony amin' izay resaka fanafarana mpanakanto izay ve ireo fanehoan-kevitra hita eny amin'ny tambajotran-tserasera eny ? Raha jerena tokoa ireo mpanakanto nandeha any, Big MJ ihany aloha no artista nanohana an-dRajoelina hanafana any Parisy. Mety hisy akony amin'io fanafanana fetin'ny faran'ny taona handraisan'i Big MJ anjara io tokoa ve ilay fahirano ataon' ireo mpanohitra ny fitondrana ankehitriny ?

**Toerana telo**

Raha hiverenana, toerana telo aloha no fantatra fa efa mandeha be ny fanentanana ireo mpialavoly. Ny voalohany, izay ahitana an'i Big MJ dia ao amin'ny efitrano malalaky ny Le Millenaire Savigny Le Temple Parisy. Mpanakanto maromaro no hampialavoly ao an-toerana, izay ahitana an-dry Basta Lion, D-Lain ; Big MJ ; Rootsman, miampy mpanodina kapila roa. Ny toerana faharoa kosa, any Bordeaux ny alin'ny 31 desambra, izay hafanain-dry Lilie, Luk, Goth ary Felaniary. Ary fahatelo , ny fiakarana antsehatra hafanain'i Njakatiana sy Tina any amin'ny Domaine Beauvoisiere Avrainville any Frantsa. Amin'ny maha fetin' ny faran'ny taona handraisana ny taona vaovao azy. Misy sakafo avokoa ireo hetsika rehetra voalaza ireo.

**Fy**

Madagascourt Film Festival

# Norombahan'i Rotsy Koloina Andriamanatsoa ny " Omby volamena "

« *Les Histoires dans mes yeux* ». Io no lohatenin'ny horonan-tsarimihetsika notontosain'i Rotsy Koloina Andriamanantsoa no nentiny nifaninana tamin'ny « Madagascourt Film Festival » tamin'ny andiany faha-18 teo amin'ny sokajy fifaninana nasionaly. Tsy nandiso fanantenana azy izany satria hatrany am-boalohany dia efa tsinjony fa hanana ny toerana eo amin'ny sarimihetsika malagasy ilay filma. Tanteraka ny nofinofiny satria dia ny sanganasany no nahazo ny « Zébu d'or » (omby volamena). Nomena fahalalahana hifidy tamin'ny alalan'ny hafatra fohy (sms) ny mpanaraka sy mpankafy sarimihetsika ka 720 tamin' ireo mpifidy 1848 no nisafidy azy. Nitondra teny fisaorana ho an'ireo izay nifidy azy moa i Rotsy Koloina. « *Midika ho fanohanana ny mpamokatra sy ny sarimihetsika malagasy izany fa raha tsy eo ny mpanohana dia zava-poana ihany ny ezaka atao* », hoy izy. Fa ankoatra izay, valo ny mpifaninana tamin'ity hazakazaka « Zébu d'or » ity ka : « *Maka ny fanahy* » notontosain'i Saranto Andrianavony no nahazo ny laharana faha-2 izay nahazo safidy 616 : « *Never too late* » notontosain'i Nataniela Randrianomearisoa no nahazo ny laharana faha-3 ; « *Délivrance* » an'i Heryfiled Mathilda Bezara ny fahafatra ; « *Mazav' alina* » notontosain'i Feno Mahery Ramaholison, ny laharana faha-5. Ireo efatra farany kosa : « *Roudh World* » notontosain'i Sitraka Randriamahaly, « *Wanna go Back* » an'i Vololomihanta Edmée Rakotonjanahary, ary « *Lasa* » notontosain'i Franco Clerc Damy.



**Izy no Rotsy Koloina Andriamanatsoa.**

**Efa nahazo loka**

Marihana fa tsy vao sambany akory i Rotsy Koloina no nahazo ny Zébu d'or fa efa nahazo ihany ko izy telo taona lasa izay tamin'ny alalan'ilay horonan-tsarimihetsika « *Confidentielles* ». Voasafidy hiatrika ny fifaninana horonan-tsarimihetsika iraisam-pirenena « Festival de Cannes » moa io filma io. Fa ankoatra izay, Rotsy Koloina ihany koa no nandrombaka ny amboaran'ny mpilalao filma malagasy roa taona lasa izay.

Tsihiavina fa ny Asabotsy faran'ny herinandro teo no namoahana ny vokatra ary tamin'io fotoana io ihany koa no nentiny nanakatonana tanteraka ny RCF « Madagascourt Film Festival » tamin'ity taona ity.

**Tiaray R**

Fampirantina : "lire donne des ailes"

# Haranty ao amin'ny IFM hatramin'ny 13 janoary

Asa tanan'ny mpanao sary maromaro miisa 11 eo izay avy aty amin'ny ranomasimbe indianina no navondrona ho amin'ny toerana iray no nanome ity fampirantina :"lire donne des ailes" izay haranty ao amin'ny IFM ity. Misy 42 ny tabilao hita ao izay marihana fa notsongaina tao anatin'ilay boky : " livre pour la jeunesse" avokoa ny ankamaroany. Sary vorona no tena betsaka izay mitarika ireo mpitsidika hanonofy sy hanana fijery lavitra mihoatra izay hita maso. Ny tanjona dia ny hitondra ny olona amin'ny tontolo hafa raha hitsidika ity fampirantina ity. Nampiasa karazana loko maro ihany koa ireo mpanao sary mba hisarihana ny maso sy ny sain'ireo mpitsidika mba hampitsiry izay nofy sy fahitàna tontolo hafa izay. Azo vakiana eny an-toerana mandritra ny hetsika fampirantina ity koa moa ireo boky izay nahazoana ireo sary ireo mba ahatakaran'ny olona tsirairay izay hafatra tiana ampitaina amin'ireo sary. Aharitra hatramin'ny 13 janoary izao moa ity fampirantina ity ary maimaimpoana ny fitsidihana izany.



**Tanya.R**

Sakafo fety

## Tafakatra 800Ar ny atody

Herinandro katroka mialoha ny fetin'ny Noely, niakatra daholo ny vidin'entana eny an-tsena. Anisan'izany ny atody izay akora fototra ampiasain'ireo mpanao mofomamy. Roa herinandro lasa izay, 600 Ar ny iray amin'ny atody eny amin'ny tsena kely, efa tafakatra 800 ariary izany ankehitriny. Rehefa fety, zary lasa mahazatra ireo mpivarotra ny mampiakatra vidin'entana. Raha tsiahivina, tamin'ny fetin'ny fahaleovantena farany teo niakatra 200Ar ny vidin'ny atody ary tsy nidina intsony nandritra izay volana maro izay. Torak'izay ihany koa ny hena izay nisy fiakarany kely ihany koa ny vidiny. « *Efa tsy milaoka hena isan'andro intsony izahay fa isaky ny alarobia sy alahady ihany sisa. Amin'izany aza anefa tsy maintsy atao fahefany ihany no ampiarahana amin'ny fangaron-daoka ho anay 6 mianaka.* » hoy i Lova, renim-pianakaviana. Ny legioma kosa, amin'izao ankatoky ny fety izao, ny brocolis sy ny choux fleur ary ny voanjobory no tena niakatra be mihitsy ny vidiny. Ny vary moa tsy lazaina intsony fa mihoatran'ny 3000 ar ny iray kilao amin'ny makalioka, vary dista ary ireo vary fotsy amin'ilay tsara kalitao nafarana. Ny ankamaroan'ny olona sahirana ary mitaraina fa tsy mahavidy akoho amam-borona iray manontolo intsony noho ny vidin'izy ireo miakatra dia miakatra. Mba hahafahana mifety anefa, misafidy mividy amin'ny kilao ny olona. Etsy ankilan'izany, manomboka misy fiakarana ihany koa ny kilaon'ny letchis izay 800Ar ny mora indrindra tamin'ity taona ity saingy efa lasa 2500Ar izy amin'izao fotoana izao.

**Nath**

Fredo

## Hamoaka hira vaovao maro amin'ny taona ho avy io



**Vonona ny hanome izay tsara avy aminy i Fredo.**

Tsy hitsahatra ny hamoaka hira vaovao maro be aho amin'ny taona ho avy io hoy i Fredo raha araka ny resaka izay nifanaovany taminay. Efa maro hoy izy ireo vazo izay omaniny ary dia hivoaka tsikelikely eo izany manomboka ny volana janoary iny raha araka ny vina izay apetrany. Araka izay efa nahalalana azy moa dia mpanakanto iray tsy mifidy gadona I Fredo, araka izany dia ho mozika maro loko koa no ho avoakany eo ary mampanantena izy fa vazo mihetsiketsika avy izany mba hampitsinjaka ny olona amin'ny taom-baovao iny. Hisy amin'ireo hira ho avoakany no iarahany miasa amin'ny mpanakanto hafa izay mbola tsy noteneniny fa mijanona ho "surprise" aloha hoy izy. Ankoatra ny hira vaovao dia manomana seho maromaro ihany koa izy amin'ny taona ho avy io. Araka izany dia ho taonan'ny asa mihitsy io taona ho avy io ho azy. Misokatra amin'izay fiaraha-miasa rehetra ihany koa izy ka ho an'izay te hifandray aminy dia afaka mitsidika ny pejy fesibokiny.

**Tanya.R**

VAHT Toliara

## Hanampy ny tanora tsy an'asa

Hanampy ireo tanora tsy an'asa ny tanjon'ny VAHT na ny Vovonana Andao Hampandroso an'i Toliara. Noho izany indrindra no nisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ity fikambanana ity sy ny Globo Vision izay anisan'ny misahana eo amin'ny resaka famoronana asa. Araka ny fanazavan'ny filohany dia fikambanana mijoro ara-panjakana ity VAHT avy ao Toliara ity ary ny lafiny ara-tsosialy no tena iompanany, mampahafantatra ny tanora bebe kokoa mba tsy hirona amin'ny zava-mahadomelina sy mitarika azy amin'ny resaka fahalalahana mba tsy hanaotao foana, ary momba ny fikarohana resaka fotodrafitr'asa. Araka ny fanazavana hatrany dia afaka miara-miasa amin'ny mpanao politika ihany koa ny VAHT ary misy fikambanana 42 ao anatiny. Afaka mandray izay mpikambana te hiditra ao aminy ny VAHT. Efa manomana ny hanaparitahana ity farany manerana ny Nosy ny filohany amin'izao fotoana izao.

**T.H**

Météo

# Ho betsaka ny rotsak'orana rahampitso

*Mila miomana ny rehetra.*

Nahazo fampitandremana miloko mavo amin'ny habetsaky ny rotsak'orana ny faritra Analamanga, Itasy ary Vakinankaratra amin'ny alarobia izao. Nambaran'i Lahatra Mampionona, mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa hitombo hatrany amin'ny 50-80 mm ny orana ao anatin' ny 24 ora. Mila miomana ny rehetra indrindra ireo monina amin'ireo faritra ireo noho izany amin'izay loza mety hitranga. Anisan'izany ny fahapotehan'ny fotodrafitrasa, tany mihotsaka, tamboho na andrin-jiro. Eo ihany koa ny fiandronan'ny rano amin'ny faritra mora tondraka. Saika Antananarivo Renivohitra mihitsy no mijaly vao mirotsaka mafimafy ny orana, eny fa na ao anatin'ny 10 minitra monja aza. Ny faritra avo toa an'i Manjakamiadana, Ambanin'Ampahamarinana ihany koa mila mailo ireo mponina eny noho io filazana miloko mavo amin'ny habetsaky ny orana io. Nampidika kely ny mari-pana ny orana nisy fa na izany aza mbola manevokevoka ny hafanana. Manodidina ny 28°C mantsy ny maripana ho an'Analamanga ary ho tonga hatrany amin'ny 38°c any Sofia sy Betsiboka. Mandritra ny herinandro, hibahan-toerana ny rotsak' orana saika manerana ny Nosy ankoatran'i Atsimo sy Atsimo Atsinanana. Raha vao mivoaka kosa ny mety ho toetry ny andro mandritra ny fety dia ampitaina ihany.

**Nath**

Kaominina Ambonivohitr'i Toamasina

# Mpifankatia 12 mpiasan'ny CUT natao mariazy faobe

Mpifankatia 12 mpiasa eo anivon'ny Kaominina ambonivohitr'i Toamasina no niara-nanao hoe: eny ka vita fisoratam-panambadiana tamin'ny alalan'ny mariazy faobe nokarakarain'ny CUT ny faha-14 desambra 2023 lasa teo. *"Ho fanampiana azy ireo dia nanolotra robe de mariée, miaraka amin'ny kojakoja mifanentana amin'izany aho ho an'ireo vehivavy. Tsy izany ihany fa nomena olona matihanina mpikarakara: taovolo sy ny tarehy ihany koa izy 12 vavy. Efa ny andro malaza vao nampiarahana nokarakaraina tao amin'ny efitrano ambonin' ny kaominina no nanamboarana ny volo sy ny tarehin'izy ireo"*, hoy Rtoa Mélise Kalobe Rakotonirina izay vadin'Atoa Ben'ny tanànan'i Toamasina. Tafiditra amin'ny sosialy ho an'ny mpiasan'ny kaominin'i Toamasina sy fampirosoana an'ireo mpifankatia amin'ny dingan'ny ara-dalàna izao natao izao. Ny antony dia misy tombontsoa azon'ny mpivady rehefa vita soratra ara-dalàna izy ireo, araka ny lalàna manankery.

**HAR**

Mpizahatany tonga eto Madagasikara

# Nahena ny fikirakirana vola

Vita sonia omaly ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Paositra Malagasy sy ny VPI (Vanilla Pay International). Hanamora ny fomba fandoavam-bola eo amin'ny sehatry ny fizahatany ny roa tonta amin'ny alalan'ny Paositra Money. « *Mandray anjara amin'ny fanatrarana ny vina hampiditra mpizahatany 1 tapitrisa hatramin'ny taona 2028 ny Paositra Malagasy. Efa tsy dia mampiasa lelavola intsony ny any Ivelany. Midika izany fa vitsy ireo mpizahata tany tonga eto mbola mikirakira vola mivantana. Araka izany, dia nomena fitaovana vaovao ireo mpandraharaha mba hahafahany manao fandoavam-bola amin'ny alalan'ny haitao ara-kajy mirindra sy mampiroborobo ny sehatry ny fizahantany.* », hoy ny tale jeneralin'ny Paositra Malagasy, Ranarison Richard. Tamin'io fotoana io koa no nampahafantarana ny asa aman-draharahan'ny VPI, izay nanokatra varavarana ho an'ireo mpandraharaha sy mpizahatany iraisampirenena amin'ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny banky, ny karatra banky, ny « Google Pay », ny « Apple Pay », ary ny « QR code ». « *Tsy miandry ela fa vita eo no ho eo ny fandoavam-bola na avy any ampitan-dranomasina aza. Mpandraharaha amin'ny fizahantany eo amin'ny 300 no heverina hisitraka ny fanombohan'ity fiaraha-miasa ity, ka vinavainaina hampiakatra 20 isanjato ny fahatongavan'ny mpizahatany eto.* », hoy ny filohan'ny VPI, Randriamanamihaja Andry.

**R. Muray**

FILAZANA STAR

STAR dia mampahafantatra, fa noho ny tsy fifanarahana ara-barotra izay tsy mbola nisy hatrizay, ireo zava-pisotro, Vita Malagasy vokariny, dia mety ihavitsy eny amin'ireo tranombarotra Super U.

Manome toky ny mpanjifany anefa ny STAR fa fivarotana 10 amin'ireo 25 000 mpandray ny vokatra STAR isan'andro manerana ny Nosy ihany no voakasik'izany.

Ny ekipa Star rehetra dia mirary fetin'ny faran'ny taona feno fifaliana ho anareo miaraka amin'ireo zava-pisotro efa nankafizinareo hatramin'izay

Ny Mpitantana

MAMPIDI-DOZA HO AN'NY FAHASALAMANA NY FISOTROANA ALIKAOLA BE LOATRA - MISOTROA AM-PAMENDREHANA

GCL 702/5-1

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, pièce, kilalao, boky. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 705/10-9)

* Lamba, kiraro, poketra, lakozy, debara, fanaka, boky, machine. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-11)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-16)

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard.
Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-11)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 707/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 707/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 707/6-3)

Ihosy

# Polisy nanambana basy zandary tao anaty BAR

*Hatreto aloha tsy nazahoana fanazavana ny avy amin'ny polisy ka tsy fantatra mazava ny nahatonga ny rotaka.*

Fifamaliana tao anaty Bar no niantombohan'ny savorovoro teo amin'ny « inspektera » iray sy zandary vitsivitsy tao Ihosy, ny alin'ny sabotsy lasa teo. Tsy nahatandrina resaka ny andaniny sy ankilany ka raikitra ny fifampikasihan-tanana. Voalaza mihitsy aza fa nanambana basy poleta an' ireto mpiralahy an-tafika aminy ireto ilay « inspektera ». Naratra ihany koa izy taorian'ny fifanjevoana. « *Namoaka resaka tsy voahevitra sy nanompa an'ireo zandary io polisy io* » : hoy ny loharanom-baovao. Nanompa sy nanao fandrahonana tamin'ny basy poleta. *" Ianareo zandary ireto…. sady tsy misy raha atahorako anareo na kely …. sady andao hanao iray sy ray"*. Io no teny navoakan'ilay polisy sady nilaza ihany koa izy hoe *" Nanenjika sy nanala ahy teto ianareo fa tsy naha-voaala. Taorianan" io izy dia nanambana basy poleta an' ireo zandary ka niaro-tena ireo zandary, nahatonga ny fikasihantanana : "* : hoy ihany ny loharanom-baovao avy amin' ny mpitandro filaminana ankilany. Hatreto aloha tsy nazahoana fanazavana ny avy amin'ny polisy ka tsy fantatra mazava ny nahatonga ny rotaka. Tsy voafaritra na samy efa tao anatin'ny hamamoana izy ireo na tsia satria any anaty toerampisotroana no mifamaly ny roa tonta ka tsy hisy filaminana velively na dia hoe mpitandro ny filaminana aza no asa sahanin'izy ireto. Mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Nilaza fa handray fepetra ny lehiben'ireto farany isam-baratongany.

**Deyland**

Soavinandriana

# Ankizivavy 4 taona nisy nanolana

Nisehoana fanolanana tany amin'ny fokontany Soanierana kaominina Mananasy any Soavinandriana ny talata 12 desambra lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Ankizivavikely 4 taona no nisy nanoloana tamin'io fotoana io. Lehilahy iray teo an-tanàna ihany no voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ity heloka bevava ity. Araka ny fanazavana dia efa mpifanerasera an'ny olona ao an-tranon'ilay ankizy io lehilahy io ka tamin'io andro voalaza etsy ambony io dia voalaza fa nankao an-tranon'ilay ankizy ralehilahy ka azy sy nitondra azy nankany an-tranon' olon-kafa. Dia tany no nanamparany ny filandratsiny io ankizivavikely io. Mety nisy nahatsikaritra ilay zava-niseho ka nandeha niteny tany amin'ny renin'ilay zaza. Rehefa nanontaniana ilay ankizy dia nitantara ny zava-nanjo azy. Taorian'izay no tonga nametraka fitoriana tany amin'ny polisy ny renin' ilay zaza ary voasambotra ny zoma teo tany Tsarahonenana fokontany Miarikofeno any amin'ny kaominina Mananasy any an-toerana ilay voarohirohy. Hiakatra fampanoavana anio ny raharaha taorian'ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana.

**T.H**

Ambohibao

# Fianakaviana iray mandripaka amin'ny halabotry, 9 voasambotra

Tsy lahy tsy vavy, tsy antitra tsy tanora fa dia tafiditra ao amin' ity tambajotra mpanao halabotry ity avokoa ny mpianakavy. Dimy ambin'ny folo taona ny zandriny indrindra ary sivy amby efapolo taona ny zokiny. Ao avokoa na ny reniny na ny zanany, ry dadatoa sy ry dadafara, ny anadahy sy ny anabavy ary tena mandripaka mihitsy izy ireo teny amin'iny faritra Ambohibao iny. Miisa sivy izy ireo no voasambotry ny zandary teny Ambohibao- Antehiroka ny faran'ny herinandro teo iny.



Izy sivy mianaka voasambotra !

Araka ny fanazavàna azo, efa samy manana ny anjara asa avokoa ireto fianakaviana ireto amin'ity asa ratsy ity. Misy ny mpandray anjara mivantana amin'ny fanaovana hala-botry sy ny vaky trano. Ao ihany koa ny mpandray sy mpitahiry ny entana halatra ary mpivarotra izany eny an-tsena.
Nisy tamin'izy ireo no voasambotra teny amin'ny tsenan'Isotry sy 67ha iny. Tsy indray voasambotra moa izy rehetra ireo fa nandeha tsikelikely.

**R.C**

Antsirabe

# Zazakely nariana tao anaty bozaka

Zaza menavava iray indray no hita nisy nanary tao anaty bozaka tany Soanindrariny-Antsirabe II ny Alahady lasa teo. Tany an-saha no nahitàn' ny mpiandry omby ity zazakely ity. Taitra ireo mpiandry omby raha nandre feon-jaza nitomany. Rehefa nojerena ny niavian'ilay feo dia inona tokoa fa zazakely no hita tao anaty bozaka. Raha ny fanazavàna azo dia nofonosina lamba tsara ilay zaza ary napetraka teo amin'io toerana io. Tsy nahatazana olona na izay mety ho renin'ity zaza ity anefa ireo mpiandry omby ka nampandrenesina haingana ny mponina teo antanàna. Raha ny tombatomban'ireo nanatri-maso dia fotoana fohy talohan'ny nahitàn'ireo mpiandry omby ity zaza ity no nametrahana azy teo ary mety nokendrena mihitsy ny mba hahitan'ireo azy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao. Ilay zaza kosa noraisin'ny masera ao an-toerana.

**R.C**

Mahabo

## Ankizivavy 12 taona nalain' ny jiolahy an-keriny

Nisehoana fakana an-keriny tany amin'ny distrikan'i Mahabo ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Ankizivavy 12 taona no nalain'ny jiolahy an-keriny tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana dia andian-jiolahy no tonga tany amin'ny tanàna iray tany an-toerana ary nanao izay fomba nidirana an-keriny tao amin'ny tokantrano iray. Rehefa tafiditra tao izy ireo dia nanambana tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny ireo olona rehetra hitany tao antrano. Voafehin'ireo olon-dratsy izy ireo ka nentin-dry zalahy an-keriny nanaraka azy io ankizivavy iray tao antrano izay mbola mpianatra io. Mialoha ny nandehanan'ireo jiolahy dia nametraka laharan-telefaonina tao amin'ilay tokantrano izy ireo mba hiantsoana azy. Dia nifampiresaka tamin'ny fianakavian'ilay ankizy nalaina an-keriny izy ireo. Ka nandritra izany no nitakian'ireo mpaka an-keriny vola mitentina 16 tapitrisa ariary ho takalon'ny famotsoran'izy ireo an'io ankizivavy io. Nanoloana izany dia nisy ny fifampiraharahana nataon'ilay fianakaviana mikasika ny vola haloan'izy ireo any amin'ireo jiolahy. Tsy nanaiky mihitsy ry zalahy avy eo raha tsy vola mitentina 4 tapitrisa ariary no omena azy ireo. Dia afakomaly no votsotra teny ampelatanan'izy ireo ilay ankizivavy. Mitohy kosa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana an'ireo jiolahy mpaka an-keriny.

**T.H**

Minisitra " MDN, SEG, MSP "

## Niarahaba ny fahalanian'ny filoha Andry Rajoelina



Mitohy ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy mpitandro filaminana.

Nanangan-tsaina niaraka teny amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, ireo Minisitra misahana ny fitandroana ny filaminana ( MDN, SEG, MSP), omaly tetsy Ampahibe. Nitondra ny teny fiarahabana izy ireo ho an'ny filoha Andry Rajoelina, izay tafaverina hitondra indray an'ny Madagasikara, anatin'ny 5 taona. Nandritra izany ihany koa ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa no nanolotra fitaovana ho an'ny polisim-pirenena sy ny Zandarimaria. Fitaovana maro nahitana aroloha, akanjo fiarovam-batana ary kojakoja ara-pahasalamana ho an'ny Hôpitaly Miaramila (HOMI). Nanazava ny Minisitra (MDN) fa ny mpitandro ny filaminana dia mbola hanohy ny ezaka rehetra hanatsarana mafimafy kokoa ny fandriampahalemana eto Madagasikara. Ankoatra izany dia vonona hatrany izy ireo hiaro ny tany tan-dalàna, sy ny Andrimpanjakana, ary indrindra ny vahoaka sy ny fananany. Nankasitraka ihany koa izy ny amin'ny fiaraha-miasa tao anaty firahalahiana sy firaisan-tsaina teo amin'ny samy mpitandro ny filaminana izay manao ny ainy tsy ho zavatra eny an-kianja.

**Deyland**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## TENY MIAFINA N° 723

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. *Vakiana tsotra ny valiny.*

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| S | G | M | I | N | J | M | V | D | S |
| B | A | J | L | T | F | T | J | A | B |
| E | H | B | O | B | I | H | V | D | E |
| F | J | A | M | P | M | N | A | K | A |
| I | B | T | V | V | D | B | E | F | I |
| R | T | N | A | P | A | S | N | T | V |
| P | S | T | O | A | D | A | S | F | P |
| R | J | O | L | N | I | S | E | B | V |
| K | G | P | T | D | F | D | T | P | K |
| G | F | O | I | F | J | G | L | B | L |

06 litera

**Val in'ny teny miafina 722 : MAZANA**

### VALIN'NY Kakuro 722

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 3 | \ | 7 | 1 | 9 | | 1 | 2 | 4 | 3 |
| 3 | 2 | 1 | 8 | 4 | 7 | \ | 7 | 9 | 5 | 8 |
| 8 | 7 | 3 | 9 | \ | 1 | 7 | 9 | \ | 7 | 9 |
| 9 | 4 | \ | 3 | 1 | 2 | 4 | 8 | 5 | 6 | |
| 2 | 1 | 8 | 5 | 4 | 3 | 9 | \ | 2 | 3 | 1 |
| | \ | 9 | 6 | 2 | \ | 8 | 6 | \ | 9 | 2 |
| 8 | 9 | 7 | 4 | \ | 1 | 5 | 3 | 2 | 8 | 4 |
| 1 | 4 | 3 | 2 | 7 | 9 | \ | 8 | 9 | | |
| \ | 8 | 6 | \ | 1 | 2 | 4 | 7 | 3 | 9 | 5 |
| 3 | 2 | 1 | 4 | 5 | 8 | 7 | 9 | \ | 2 | 1 |
| 9 | 6 | \ | 1 | 8 | \ | 1 | 2 | 9 | 8 | |
| 2 | 1 | 7 | 3 | 6 | 4 | 9 | | 8 | 7 | 9 |
| 8 | 7 | 9 | | 9 | 1 | 8 | | 1 | 5 | 2 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA Lah. 7748

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| V | • | N | A | F | I | N | D | R | A |
| O | R | I | N | A | S | A | • | A | • |
| A | • | Z | O | N | A | R | E | O | • |
| N | • | A | • | D | R | • | • | T | R |
| J | • | I | • | R | I | • | I | R | A |
| O | • | T | S | I | H | I | N | A | I |
| B | A | R | I | K | A | • | O | • | S |
| O | • | A | N | A | N | A | N | A | I |
| R | • | • | O | • | A | • | A | • | K |
| I | N | G | A | H | I | • | O | • | O |

## HAFATRA MIAFINA

**Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.**




Valin'ny lalao omaly

**VOKA-DRATSY ATERAKY NY TOETRANAO.**

## TENY MIDINA

1. Mpanoritra
2. Foy
3. Sakadia
4. Manahoana
5. Ezaka mafy




**Valin'ny TENY MIDINA omaly**

1. IO
2. OSY
3. NOSY
4. SINOA
5. ESOINA

## DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.
Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. *Fito* izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?







## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, ***atambaro dia ho hitanao ny valiny***

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| N | R | I | N | A | F | A | K | O | S |
| A | A | O | O | I | R | R | R | A | A |
| I | N | N | I | T | T | T | K | N | O |
| V | A | A | A | P | A | A | I | K | K |
| O | O | R | F | F | M | R | I | I | A |
| A | A | A | A | A | E | O | O | Z | N |
| T | N | R | L | V | F | N | O | I | A |
| A | A | A | A | A | O | A | A | A | R |
| I | O | K | N | I | Z | N | O | K | E |
| O | A | O | K | O | V | A | A | V | O |

OMPIO, AZOAZO, NAFOIKO, ANKIZI, AVOKOA, TARATRA, VOAFAFA, VOALAZA, ATAOVI, TAFARAI, ARAVONA, NITAIZA, AVERINA, NARARAKO, SOKAFANI, NANORATRA, SAKAMALAO, SAOKANAREO, NANAFENAKO

**- Valin'ny lalao omaly : - ILAIKO - NIALA**

## NY TONONANDRONAO TALATA 19 DESAMBRA 2023

**Asorotany 18 aprily - 14 may**
ASA: Tsy voatery aseho ny hafa oe miezaka ianao fa mbola ho hitany eny ihany ny fivoaranao
FITIAVANA: Aza sarotiny aminy ianao fa efa ianao irery ihany no tiany

**Alahasaty 15 may - 12 jona**
ASA: Izay mihezaka ihany no mendrika hibata ny amboara
FITIAVANA: Aza atao sakana amin'ny fifankatiavanareo ny zava-misy ara-bola sy harena

**Asombola 13 jona - 11 jolay**
ASA: Tokony mahaleo tena ianao amin'ny asa rehetra izay ataonao
FITIAVANA: Aza miandry izay tsy ho avy fa tiavo aloha izay eo am-pelatananao

**Admizana 12 jolay - 10 aogositra**
ASA: Aza kivy ianao raha tsy anasa,tsarovy fa mbola hoavy ilay maraina vaovao
FITIAVANA: Aza atao sakana tsy hivoaranao amin'ny Fiainana ny fitiavana

**Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra**
ASA: Farano dieny izao io asa ratsy ataonao io!
FITIAVANA: Aza misaraka ianareo,fa fomban'ny mpifankatia ny miady!

**Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra**
ASA: Tandremo ny fitondratena ao amin' ny toeram-piasana
FITIAVANA: Aza atao sakana tsy iarahana ny Harena.

**Adijady 09 oktobra - 07 novambra**
ASA: Ho miramirana tsara ianao amin' ity anio ity!
FITIAVANA: Hisy tomany kely eo aminareo roa anio ka mila mahery tsara ny saina hiatrika izany

**Adalo 08 novambra - 06 desambra**
ASA: Mila mody kely aloha ianao maka aina!
FITIAVANA: Omeo teny mamy ilay olontianao ary aza asiana fetra izany teny mamy izany


**Alohotsy 07 desambra - 15 janoary**
ASA: Vitao hatramin'ny farany ny asa anio dia maka aina fotsiny ianao sisa
FITIAVANA: Tandremo ny mamitaka ny sakaizanao!

**Alahamady 16 janoary - 14 febroary**
ASA: Aza asiana tahotra ao anatinao rehefa manao zavatrasatra vaomaika izany tsy mampiety ny asa ataonao
FITIAVANA: Raiso ny andraikitrao amn'ny olon-tianao satria ianao no nifidy ny hitia azy

**Adaoro 15 febroary - 15 martsa**
ASA: Mila asianao fandinihana tsara ny zavatra ataonao
Fa tsy atao fahatany
FITIAVANA: Aza manenina ianao nitia azy satria efa safidy ny anao ka tiavo izy

**Adizaoza 16 martsa - 14 aprily**
ASA: Aza heverinao oe rehefa miasa dia mpanankarena
FITIAVANA: Ataovy anatra hoan'ny sisa ny tsy nety nataonao teo aloha.

## TONDRO-TENY





### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| M | I | T | A | N | A |
| E | • | O | N | A | V |
| N | A | M | O | R | I |
| A | • | A | V | A | L |
| T | O | N | • | T | I |
| R | A | I | • | R | • |
| A | H | • | M | A | I |

## TENY MIRANDRANA Lah. 7749

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

NANA, IHANI, AFERO, DIOVI, KAHIE, ISAKI, ANATRA, NAMAFI, AORIANA, SAFIDI, ONDANI, TSORINA, TROSANI, ALOHANAI, NIROBOKA, RORANAREO, IAFARANAO, ANATINAREO



## KAKURO 723

| | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 13 | 37 | 8 | | 16 | 19 | 45 | | 28 | 45 | 11 |
| 7 | 4 | | | 25\15 | | | | 24 | | | |
| 39 | | | | | | | | 17\8 | | | |
| | 11\9 | | | | 21\37 | | | | | | |
| 6 | | | 23\40 | | | | | | | | 33 |
| 17 | | | | | | 23\15 | | | | | |
| 39 | | | | | | | | 26\23 | | | |
| | 18 | 29\5 | | | 20\39 | | | | | | |
| 11 | | | | 15\14 | | | | | 33\7 | | |
| 27 | | | | | | 11\29 | | | | | |
| 14 | | | 8\13 | | | | 23\17 | | | 16 | 8 |
| | 6\7 | | | | 16\38 | | | | | | |
| 41 | | | | | | | | 9 | | | |
| 13 | | | | 22 | | | | 19 | | | |


Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

## MAHASOA

Raha te hanana hoho mafy sy tsy vakivaky di koseho tongolo gasy isa-maraina ary avela hilona kely izay vao sasana amin'ny rano matymaty.

## AMPITENENO NY BANGA

**Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany**




Valin'ny lalao omaly : MITSARA + NAMOAKA + MISAONA = SAMOSA

## RESAK' HEHY

Rehefa nivoaka ny sekoly ny zanako lahy 06 taona dia tamy nanatona ahy izy ary hitako nisy tasy fotsifotsy kely ny tarehiny ka hoy aho nanontany azy.
- Fa inona io anelanelan'ny masonao roa io ry Safidy a?
- Ny oroko no eo anelanelan'ny masoko roa fa somary milatsaka kely ry neny a.

## Sarisary zary tenany

*Hiara hody*




## Hatsikana an-tsary

*Izy*




## Masoandro miposaka

**Matio 5 : 13**

Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Vary an-trano toa fanjaitra.**

Perdu dans la maison comme une aiguille.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3128**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | | | | | | | 6 |
| | 5 | 6 | | | 4 | 8 | | |
| | | | | | 6 | | 2 | 4 |
| | 7 | 9 | | 2 | | | | |
| | 4 | | | | | | | 7 |
| 5 | | | | 9 | | | 6 | 1 |
| 8 | 9 | | 3 | | | | 1 | |
| 1 | | | | 8 | 2 | 3 | | |
| | | 3 | 1 | | | 9 | | 8 |

Valin'ny laharana **3127**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 8 | 9 | 6 | 3 | 7 | 5 | 1 | 2 |
| 7 | 1 | 2 | 5 | 4 | 8 | 6 | 3 | 9 |
| 6 | 5 | 3 | 1 | 2 | 9 | 8 | 4 | 7 |
| 2 | 9 | 7 | 3 | 5 | 4 | 1 | 8 | 6 |
| 3 | 6 | 1 | 8 | 7 | 2 | 4 | 9 | 5 |
| 5 | 4 | 8 | 9 | 1 | 6 | 7 | 2 | 3 |
| 9 | 2 | 6 | 7 | 8 | 1 | 3 | 5 | 4 |
| 8 | 3 | 4 | 2 | 6 | 5 | 9 | 7 | 1 |
| 1 | 7 | 5 | 4 | 9 | 3 | 2 | 6 | 8 |

Governemanta

# Tombanana ny teo aloha, maro ny te ho minisitra

*Miseho lany tato ho ato ny fisehosehoana ataon' ireo minisitra isan-tsokajiny amin'ny haino aman-jery.*

Hihazakazaka ! Taorian'ny fahavitan'ny fianianana nataon'ny Filohan'ny Repoblika teny Mahamasina dia manao tsy omby aloha indray ireo mpanao politika sy ny fikambanana isan-tsokajiny miarahaba ny Filoha Andry Rajoelina. Fomba ihany izany fa ny tanjona dia te hampahafantatra ny tenany ireo fikambanana mba ho voajery sy mety halaina hiara-miasa. Io resaka toerana io indrindra, dia raha ny tokony ho izy dia efa nametraka ny fialany ny Governemanta tarihan'ny Praiminisitra Ntsay Christian. Ny fanatanterahana ny asa andavanandro sisa no ataon'ireo minisitra amin'izany. Fantatra fa isan' ny asa efa ataon'ny Filoha vao voafidy ny manombana ny asan'ireo minisitra teo aloha ankehitriny. Isan'ny jerena amin'izany ny hoe hatraiza amin'ny iraka nampanaovina no vita ? Hita ho misesy indray tato ho ato ny fanaovan'ireo minisitra ny tatitry ny asa vitany. Eo ihany koa ny fisehosehoana amin'ny haino aman-jery mba ho lazaina fa niasa sy nahavita azy. Io ilay karazana pi-maso amin'ny Filoha voafidy ny mba hitazonana azy amin'ny toerany. Ankoatra io anefa dia mihazakazaka mafy ihany koa ary tena maro ireo te ho tendrena eo amin'ny toeran'ny minisitra. Isan'ny miandrandra izany ireo mpanao politika izay nanohana na tsia ny filoha tamin'ny fifidianana farany teo. Ireo mpitarika fikambanana samihafa. Mety misy mantsy avy ety ivelany miandry fotsiny ny kiririoka hiantsoana azy ho mpikamban'ny governemanta. Izany dia noho ny fahazainy manokana sy ny maha vaovao azy. Samy miandrandra ny fitsanganan' ny governemanta ny rehetra. Isan'izany ireo mpiaramiombon'antoka avy any ivelany hanara-maso sy hitsara ny olona hiara-miasa amin'ny filoha hahafahany manatanteraka ny vina izay napetrany ho an'ny firenena.

**JUDD**

Depiote Fetra Ralambozafimbololona

# Hivoaka anio ny didim-pitsarana momba ny raharaha mahavoasaringotra azy



Raha tsy misy ny fiovana amin'ny ora farany dia hivoaka anio ny didim-pitsarana mikasika ny raharaha nisamborana ny depiote sady Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM, Fetra Ralambozafimbololona. Raha tsiahivina, nosamborin' ny zandary nandritra ny hetsiky ny vondron'ny kandida teny Mahamasina tamin'ny 8 Novambra lasa teo io olomboafidy teny amin'ny boriboritany faha-5 io. Nentina nohadihadiana teny amin'ny sampana manao fikarohana momba ny heloka bevava Fiadanana avy hatrany ny tenany taorian'izay ary tsy navotsotra raha tsy ny harivan'ny 17 Novambra. Ny talata 12 desambra teo vao niakatra Fitsarana teny Anosy ny raharaha nisamborana azy ka nambaran'ny Fitsarana tamin'izany fa anio 19 Desambra no hivoaka ny didy. Nilaza ny Me Hubert Raharison, mpisolovava miaro ity Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM ity taorian'ny fotoam-pitsarana fa tsy azo atao ny manenjika sy misambotra ireo parlemantera raha tsy mahazo alalana amin'ny birao maharitra. Ka ny tsy fisian'ny taratasy mifandraika amin'izany, hoy hatrany io mpisolovava io no antony tsy namoahana ny didim-pitsarana tamin'io 12 desambra io sy ny nanemorana izany anio. Nialoha izany rehetra izany, efa nilaza ny Filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa fa tsy nahazoany fampandrenesana ny nisamborana ity depiote voafidy teny amin' ny boriboritany fahadimy ity, izay fandikan-dalàna satria tsy azo samborina tahaka ireny ny solombavambahoaka mandritra ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimierampirenena.

**Mamy R.**

'Vondron'ny kandida"

# Milaza ny vonona hiatrika ireo fifidianana ho avy sady nametraka fepetra

Iray volana aty aorian'ny nanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena, azo lazaina ho milamindamindratsy ny toe-draharaha politika eto Madagasikara. Ao anatin'izany rehetra izany, raha nangingina teo aloha dia namoaka fanambarana iraisana indray ireo mpiaradia teo anivon'ny Vondron'ny kandida, omaly. Ankoatra ireo teboka efa nambara ombieny ombieny dia navohitran'ireo mpanao politika natambatry ny fanoherana ny Filoha Andry Rajoelina ireo tao anatin'izany ihany koa ny fomba fijeriny sy ny fanapahan-keviny amin'ireo fifidianana ho avy. *"Vonona hiatrika ny fifidianana rehetra ny « Collectif des candidats » rehefa mihatsara ny tontolom- pifidianana ary voahaja araka ny tokony ho izy avokoa ny lalàna rehetra satria izay ihany no antoky ny fitoniana ho an'ny firenena iray"*, hoy ireo mpanao politika ireo tamin'izany. Mikasika izay resaka izay hatrany, nampahatsiahy ny Vondron'ny kandidà fa efa nametraka volavolan-dalàna momba ny fifidianana teny amin'ny Antenimierampirenena, entina hanatsarana ny tontolon'ny fifidianana eto Madagasikara araka ny tolokevitr'ireo mpanara-maso ny fifidianana avy eto an-toerana sy avy any ivelany izy ireo ka tokony ho jerena akaiky ny momba izany. Farany, notsipihan'ny vondron'ny kandida fa tsy maintsy mitohy ny tolona ho an'ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna ka anentanany ny rehetra izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Governemanta lany andro !

**Valo amby roapolo ora aty aorian'ny fianianan'ny filoha, mbola tsy naparitaka ho fanta-bahoaka ny fametrahampialàn'ny mpikambana ao amin'ny andrim-panjakana mpanatanteraka. Efa mandehandeha any ve ny taratasy fa miandry fotoana fotsiny sa hovaina mihitsy indray ny fombafomba? Marihina fa tsy vao sambany no nisy izany satria efa notanterahina, tamin'ny taona 2019 raha vao nahavita fianianana ny filoham-pirenena voafidy. Marina fa na dia tsy misy lalàna mazava aza mamaritra ny fotoana tokony hialan'ny governemanta dia lôjika raha hotanterahina izany satria filoha vaovao, manomboka fotoam-piasana vaovao no tafapetraka na dia izy tenany ihany aza no voafidy. Fotoam-piasana efa lany andro rahateo no niarahany tamin'ny mpikambana ao amin'ny andrimpanjakana mpanatanteraka. Ny dikany governemanta efa lany andro no misy ankehitriny. Raha ny tokony ho izy, aorian'ny fametraham-pialàna faobe no manendry olom-baovao na mamerina amin'ny andraikiny ny teo aloha na ny sasantsasany amin'izy ireo ny filohan' ny Repoblika, araka ny voalazan'ny lalam-panorenana. Tsy ny andrimpanjakana mpanatanteraka irery ihany fa somary mampametra-panontaniana koa ny zavamitranga any an-dapa. Antony, maro amin'ireo tompon' andraikitra ambony efa nesorina tamin'ny toerany, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra tany aloha no tsikaritra ho mbola manohy ny andraikitra, nandritra ny lanonam-panjakana nanaovan'ny filoha fianianana. Trangan-javatra mampametra-panontaniana ny amin'ny hoe : Hotohizana hatrany ve ny tsy fanarahan-dalàna efa niteraka ireny fihetseham-bahoaka, mialoha sy nandritra ny fifidianana ireny? Sao mba tokony hiverina ho tany tan-dalàna amin'izany isika e !**

**Voahangy Rakotozafy**

Filoha Andry Rajoelina

# Nandray ny filohan'ny BAD sy ny iraka manokan'ny filoha Sinoa

Taorian'ny nahavitan'ny fianianana izay nataony dia nandray ny Filohan'ny BAD (Banque Africaine de Développement) Atoa Adesina Akinwumi teny amin'ny toeram-ponenany Ambatobe ny Filoha Andry Rajoelina. Isan'ny nifantoan'ny diniky ny roa tonta tamin'izany ny momba ireo tetikasa iarahana manatanteraka. Tafiditra ao anatin'izany ny resaka fambolena sy ny famokarana angovo ary ny fampiroboroboana ny vehivavy izay fanohitra ho amin'ny fampandrosoana. Isan'ny tetikasa goavana nifampiresahan'ny roa tonta ny momba ny famokarana angovo ao Sahofika sy Volobe. Fa ankoatra ny filohan'ny BAD, dia nandray ny iraka manokan'ny Filoha Sinoa Xi Jinping nihaona taminy ihany koa ny Filoha Andry Rajoelina. Atoa Hu Chunhua moa dia Filoha lefitry ny antoko Kaominista Sinoa CCPCC. Manamarika manokana ny fifandraisan'i Madagasikara sy Shina ity fihaonana ity. Isan'ny voaresaka tamin'izany ny momba ny fambolena indrindra ny famokarana vary safiotra. Teo ihany koa ny diniky ny roa tonta momba ny famoronana indostria. Ny firenena Sinoa moa efa lasa lavitra tokoa amin'io resaka io.

**JUDD**

Gazetiko
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 442 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Sosety sy sosisy

***Zavatra ilaina :*** Sosety vaventy efatra, sosisy antsasa-kilao.

***Fikarakarana azy:*** asina rano anaty koveta ary tetehina fisapisaka sy voasana ao ny sosety. Sady andrahoina anaty rano kelikely ny sosisy. Rehefa mendy tsara vao arotsaka ny sosety. Ranon-tsasany ihany dia mahamasaka azy. Aroso miaraka amin' ny vary mafana

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Tolona - Federasiona

# Tafaverina ho filoha Raveloson Mamitiana

*Anisan'ny tena hifantohan'ny federasiona ny fiatrehana ny fifanintsanana amin'ny Lalao Olympika any Paris.*

100% no vato azon'ny filoha amperinasa Raveloson Mamitiana , izay kandida tokana nandritra ny fifidianana izay ho filohan'ny federasiona Malagasy ny taranja Tolona. Ligim-paritra 5 no tonga nanatrika izany saingy ny 4 (Analamanga, Vakinankaratra, Atsinanana, Ihorombe) ihany no afaka nandray anjara tamin'ny fifidianana, tsy mbola nahavitan'ny fifidianana tany aminy kosa no tsy nahafahan'ilay ligim-paritra niatrika ity federasiona ity. Nialohavan' ny fivoriambe fanao arapotoana moa ity fifidianana ity, ka taorian'ny tatitra aramoraly sy ara-bola ary ny lafin'ny ara-teknika, nandritra ny taom-pilalaovana 2023, nahazo fankatoavana tamin' ny mpivory ny asa nataon'ny ekipan-dRaveloson Mamitiana. Mahakasika ny taom-pilalaovana 2004, anisan'ny tena hifantohan'ny federasiona ny fiatrehana ny fifanitsanana amin'ny Lalao Olympika any Paris. Iantsoan'izy ireo sahady ny fitondram-panjakana sy ny komity olympika ary ireo malala-tanana rehetra hanohana ny federasiona amin' izany satria dia manana atleta 7(3 lahy sy 4 vavy) isika ao anatin'ny fiadiana tapakila. Amin'ny 11 marsa izao ny fifaninanana voalohany, tafiditra amin'ny Lalao Afrikanina, tanterahana any Ghana. Amin'ny 17 marsa indray any Alexandrie Ejypta ny fiadiana ny tompondakan' i Afrika. Mbola any Ejypta hatrany herinandro aorian'io, ny fifanitsanana kaontinantaly ary amin'ny volana may any Istambul Torkia ny fifanitsanana farany. Manoloana izany, nanapa-kevitra ny federasiona, fa hahemotra any amin'ny septambra ny fifaninanam-pirenena Nasionaly. Fantatra kosa, fa efa iray volana teo izay no nanomboka ny fampivondronana, izay saika hita ao avokoa ireo ekipam-pirenena niatrika ny Lalaon'ny Nosy farany teo.



Mbola naverin'ny ligy ho filoha ingahy Raveloson Mamitiana.

**Rabenaivo**

Afrobasket 2025

# Ekipa 24 no handray anjara amin'ny fifaninanana

Roa taona mialoha ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2025 amin'ny basketball ho an'ny sokajy "senior" lehilahy (17 – 25 Febroary 2023), dia efa fantatra avokoa ny andro hanaovana ny lalao fifanintsanana isambondrona, miaraka amin'ireo ekipam-pirenena mandalo sivana amin'ny lalao savaranonando. Etsy andanin' izany kosa anefa dia mbola tsy voatondro ny firenena handray ny lalao fifanintsanana amin'ny Afrobasket 2025 tsy toy ny "FIBA 3x3", izay ho raisin'i Madagasikara manomboka amin'ny 2024 ka hatramin'ny 2026. Araka izany dia fantatra fa mahatratra 24 ny isan'ny ekipa hiatrika ny dingan'ny famaranana, izay mitsinjara ao anatin'ny vondrona miisa 05. Tahaka izao avy ny momba azy ireo : ***Vondrona A***: Soudan du Sud – RD Congo – Mali – Tafavoaka tany amin'ny lalao fifanintsanan'ny Faritra faha-6 (QZ), miampy an'ny nosy Maurice sy Comores ; ***Vondrona B*** : Cap Vert – Nigeria – QZ1+Z2 – Ouganda ; ***Vondrona C*** : Sénégal – Cameroun – QZ3+Z4 - Rwanda ; ***Vondrona D*** : Côte d'Ivoire – Egypte – Republique Centrafrique - QZ5, miampy an'i Madagasikara sy Djibouti ; ***Vondrona E*** : Tunisie – Angola – Guinée - Kenya . Tsara ho fantatra kosa ny andro hanaovana ny lalao fifanintsanana isambondrona : 19 – 27 febroary 2024 : Miditra an-tsehatra ny Vondrona B / E / D ; 18 – 26 Novambra 2024 : Vondrona A/C.



Anisan'ny ekipa efa manana ny toerany aty Afrika i Madagasikara.

**aris rafaly**

Kitra - " Atsimondrano Champion's League "

# Lasan'ny Tambatra Fc sy ny Valence Fc ny 2 tapitrisa Ar

Ny Tambatra Fc avy eny Ambohijanaka no tompondaka ho an'ny « zone B », raha ny Valence Fc avy etsy Andranonahoatra no nahazo ny « Atsimondrano Champion's League », ho an'ny « Zone B », taranja baolina kitra. Ireo no nandrombaka ny anaram-boninahitra tamin'ity andiany 2023 ity, izay samy nahazo vola 2 tapitrisa Ar avy. Tsiahivina fa ny Solombavambahoaka voafidy teny Atsimondrano, Ratsivahiny Andry no tompon-kevitra tamin'izao hetsika izao, niarahany niasa tamin'ny Atsimondrano Action sport, niandraikitra ny fanatanterahana ny tetikasa. Nahitana mpilalao manan-talenta maro nandritra ny fifaninanana, izay azo antoka fa ho lasa lavitra izy ireny. Raha hiverenana ny faran'ny herinandro teo, izay samy teny Ankadivoribe Soalandy no nanaovana azy. Ho an'ny « zone B » dia tamin'ny isa 1 no ho 0 no nandresen'ny : Tambatra Fc Ambohijanaka ny Fc Samada Soavina. Ho an'ny « zone A » kosa dia tamin'ny isa 2 no ho 1 no nivoahan'ny Valence Fc Andranonahoatra an-dry areo RN1 Fenoarivo. Notolorana 500.000 Ar avokoa moa ny tompondaka lefitra tamin'izany. Nahazo « pôle urbain » koa Atsimondrano, izay eny Ankadivoribe, ahitana kianja « mixte » azo hilalaovana (basket-ball,volley-ball, handball). Misy toerana azo hanaovana hiragasy koa sy trano fanaovana lanonana eny an-toerana. Ny minisitry ny tanana vaovao sy ny toeram-ponenana, nanolotra izany tamin'ny fomba ofisialy. Nosantarina tamin'ny fifaninanana ho an'ny lisea ny kianja basketball, ka Tanjombato no nahazo medaly volamena ho an'ny vehivavy, raha Ankaraobato no teo amin'ny lehilahy.




Hafaliana ny an'ireo mpandresy nahazo ny lelavola avy amin'ny mpikarakara sy mpanohana.

**Rabenaivo**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Averiko matetika aminao hoe hadinoy izay lasa ratsy. Sao lahy iny no hitarika fahavoazana mandreraka ka hando anao tanteraka. "

Ny Vetso (03.03.16)

(Fais la paix avec ton passé pour qu'il ne pourrisse pas ton présent.)

## AKON'NY MPIKITRA GASY ANY IVELANY

***Adrien Melvin*** : **Vita ny fandidiana azy**

Minitra valo monja nilalaovana teny ambony kianja dia naratra tamin'ny dona nahazo azy i Adrien Melvin, mpiandry tsatobin'ny Thonon-Evian FC (France) sy ny Barea de Madagascar. Araka izany dia voatery nampidirina hopitaly izy, ka ny sampana mpamonjy voina no nitondra azy nankany amin'ny toera-pitsaboana. Taorian'ny fitarafana natao tamin'ny lohaliny, dia tsy maintsy nampiharina taminy ny fandidiana. Fandidiana izay tontosa soa aman-tsara, kanefa mety tsy afaka miakatra eny ambony kianja mandritra ny volana maromaro izy.

***Rakool*** : **Nahatafiditra baolina voalohany**

Nisantatra ny famonoam-baolina voalohany tao anatin'ny ekipany vaovao AC Arles i Koloina Razafindranaivo, na dia resin'ny Carnoux FC tamin'ny isa 3 no ho 2 aza tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny " Régional 1 " any France. Zava-dehibe eo amin'ny hoavin'ny filalaovan'i Rakool baolina kitra any Eraopa izao famonoam-baolina ataony izao raha mitohy. Araka izany dia iraríana ny ahazoany tompon-toerana hatrany amin'ny fihaonana ataon'ny ekipany ka ahazoany fahombiazana.

***" UEFA - Conférence League"*** : **Resin-dry Loïc Lapoussin i Liverpool**

Taorian'ny nandresen'ny Union Saint Gilloise (Belgique), izay ilalaovan'i Loïc Lapoussin mpilalaon'ny Barea de Madagascar, ny ekipan'i Liverpool (Angletera) dia mitana ny laharana fahatelo amin'ny fiadiana ny amboaran'ny UEFA ity ekipa belza ity (manana isa 8), aorian'i Liverpool ( 12) sy Toulouse / France (11), ary any aorianany kosa ny Lask Linz FC avy any Autriche (3). Any amin'ny fifaninanam-pirenena divizionina voalohany any Belzika moa dia mbola nahazo fandresena hatrany ny ekipan'ny Union Saint Gilloise, izay nandavo an'i Mechelen tamin'ny isa 1 no ho 0 tamin'ny alahady teo.

**nangonin'i a.r**

Atletisma - Fivoriambe

# Nahazo fitokisana hanohy ny asany ny federasiona




Nahazo fankasitrahana tamin'ireto mpivory ireto ny tatitra tamin'ny taom-pilalaovana 2022 nataon'ny federasiona.

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tetsy Alarobia, ny fivoriambe fanao ara-potoana ho an'ny federasiona Malagasy ny taranja Atletisma. Ligim-paritra 12 no tonga niatrika izany, izay taorian'ny tatitra ara-moraly sy ara-bola ary ny teknika dia nankasitrahan'ireto ligy 11 tamin'ireo 12 (iray tsy naneho hevitra) izany, izay mbola nanome fitokisana ihany koa ireto mpitantana eo anivon'ny Federasiona ireto hanohy ny asany. Nambaran'ny fiohan'ny federasiona, Raherison Dominique, fa betsaka ny resaka nivohitra nandritra ity fivoriambe ity, izay tsy fanakianana fa ho fanatsarana sy fifanomezan-tanana indrindra teo amin'ny lafiny ara-teknika. Maro rahateo, hoy ity filoha ity ny asa miandry ny federasiona amin'io taom-pilalaovana 2024 na ny eto antoerana iznay na ny any ivelany. Anisan'izany ny « Jeux Africains » sy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ». Niaiky ihany koa ity filohan'ny federasiona ity, fa somary efa miha lehibe ny atletantsika, indrindra any amin'ireny fifaninanana manipy « poids » sy ny hazakazaka lavitra ezaka ireny, ka hisy ny fitiliana sy fikarohana solofo mpandimby. Manana atleta tsara sy sangany rahateo isika any amin'ireny fifaninanana « trail » ireny, hoy hatrany ingahy filoha, ka anisan'ny hitiliana azy ireny izany.

**Rabenaivo**